


**Nataon'i Cheryl C. Lant**
Filohan'ny Kilonga Maneran-tany vao nisaorana

# Mba Hahita ny Endriky ny Mpamonjy ireo Zanantsika

*Andraikitra masina ho antsika amin'ny maha ray aman-dreny sy mpitarika ireto taranaka vao misondrotra ireto ny mitondra azy ireo hankany amin'ny Mpamonjy.*

Taona maro lasa izay dia nampianatra andiana mpitarika tao amin'ny "garderie" mikasika ny fomba fanomezana lesona fohy momba ny filazantsara an'ireo ankizy tena kely aho. Ny iray tamin'ireo mpitarika dia niampofo ny zanany lahy kely. Nitazona ny sarin'ny Mpamonjy tamin'ny tanako aho ary raha nampiseho ny fomba firesahana amin'ny ankizy aho dia nanomboka niresaka mikasika an'i Jesoa. Niala teo ampofoan'ny reniny ilay zazalahy kely ary nanatona ahy sy nandinika mafy ilay sary ary nikasika ilay tarehy. Tamin'io fotoana io, nandritra ny resaka dia nanontany aho hoe, "Iza io?" Namaly niaraka tamin'ny tsiky teo amin'ny tarehiny ilay zaza hoe, "i Jesoa."

Raha ny taonan'io zaza io dia tsy afaka miteny na dia ny anarany akory aza izy, saingy nahafantatra ilay sary sy ny anaran'ny Mpamonjy izy. Raha nandinika izany valinteny mambabo fo izany aho dia nieritreritra ny tenin'ny Mpamonjy raha nilaza Izy hoe: "Ary tadiavo mandrakariva ny tavan'ny Tompo, mba ho amin'ny faharetana no hahatananareo ny fanahinareo, dia hanana ny fiainana mandrakizay ianareo" (F&F101:38).

Inona no dikan'ny hoe mikatsaka ny tavan'ny Mpamonjy? Mazava ho azy fa midika mihoatra noho ny hoe mahafantatra fotsiny ny sariny izany. Ny fanasan'i Kristy hikatsaka Azy dia fanasana hahafantatra hoe iza Izy, inona no nataony ho antsika ary inona no nangatahany mba hataontsika. Ny fanatonana an'i Kristy ary avy eo miafara amin'ny fahitana ny tavany dia tsy tanteraka raha tsy rehefa manatona Azy akaiky



amin'ny alalan'ny finoantsika sy ny asantsika isika. Avy amin'ny alalan'ny ezaka atao mandritra ny fiainana manontolo izany. Ka amin'ny fomba ahoana ary no itadiavantsika Azy eto amin'ity fiainana ity mba hahazoantsika mahita ny endriny amin'ny fiainana ho avy?

Ao amin'ny 3 Nefia dia misy tantaran'ny vahoaka iray izay tena nahita ny tavan'ny Mpamonjy teto amin'ity fiainana ity. Ary na dia mbola mety tsy mahita Azy aza isika ankehitriny, dia afaka mianatra avy amin'ny traikefan'izy ireo. Taorian'ny fahafatesan'ny Tompo dia niseho tamin'ireo vahoaka ireo Izy ka nampianatra sy nitahy azy ireo. "Ary ny zava-nitranga dia nodidiany ny hitondrana ny ankizy madininy" (3 Nefia 17:11).

Andraikitra masina ho antsika amin'ny maha ray aman-dreny sy mpitarika ireto taranaka vao misondrotra ireto ny mitondra azy ireo hankany amin'ny Mpamonjy mba hahafahan'izy ireo hahita ny tavany sy ny tavan'ny Raintsika any an-danitra koa. Rehefa manao izany isika dia mitondra ny tenantsika ihany koa.

Ny fanontaniana miverina dia ny hoe ahoana no hanaovantsika izany, indrindra ao anatin'ity izao tontolo izao ity izay feno rendrarendra? Tia ny Tompo ireo ray aman-dreny ao amin'ny 3 Nefia. Mpino izy ireo. Nino ireo fahagagana nataon'i Jesoa izy ireo. Tian'izy ireo ny zanany. Nangoniny izy ireo mba hihaino ny tenin'ny Tompo sy hankato ilay didiny, dia ny hitondrana ny ankizy mankany Aminy.

Rehefa nentina ireo ankizy, dia nampandohalika ny ray aman-dreny i Kristy. Avy eo dia nanao tamin'izy ireo ny zavatra izay efa nataony tamintsika rehetra Izy. Nivavaka tamin'ny Ray ho azy ireo Izy ary raha nanao izany Izy dia voalaza fa "lehibe sy mahagaga" ny nataony hany ka tsy nisy teny nilazana izany (3 Nefia 17:16). Tamin'ny fanatonany ny Mpamonjy sy ny fanekeny ny Sorompanavotany, ireo ray aman-dreny ireo dia nohatanjahana mba hanao izay ilaina rehetra "hitondrana" ny zanak'izy ireo.

Ny zavatra iray hafa izay nangatahan'i Kristy mba hataon'ireo ray aman-dreny ireo dia hita ao amin'ny 3 Nefia 22:13: "Hampianarin'ny Tompo avokoa



ny zanakao; ary ho lehibe ny fiadanan' ny zanakao."

Ary noho izany, taorian'ny traikefan'izy ireo manokana niaraka tamin'ny Mpamonjy, dia nampianatra ny zanak'izy ireo mikasika Azy, ireo ray amandreny Nefita ireo. Nampianatra azy ireo hitia ny Tompo izy ireo. Nampianatra azy ireo ny filazantsara izy ireo. Nampianatra azy ireo ny fomba iainana izany izy ireo. Tena nampianatra azy ireo tsara tokoa izy ireo hany ka nisy fahamarinana sy fiadanana teo amin'ny tany nandritra ny 200 taona (jereo 4 Nefia 1:1–22).

Ankehitriny dia te hangataka anareo aho mba hijery manodidina anareo, hijery ireo izay tianareo. Izany no tena manan-danja—ny fianakaviantsika. Azoko antoka fa dia maniry mihoatra noho ny zava-drehetra ianareo ny mba haha mandrakizay ny fianakavianareo. Ny tantara ao amin'ny Nefia faha-3 dia afaka manampy antsika hitondra ny zanantsika hankany Aminy satria manome lamina arahintsika izany. Voalohany dia tokony ho tia ny Tompo amin'ny fontsika manontolo isika ary mila tia ny zanantsika. Faharoa, dia mila lasa ohatra mendrika ho azy ireo isika amin'ny fitadiavantsika tsy tapaka ny Tompo sy ny fiezahantsika hiaina ny filazantsara. Fahatelo, mila mampianatra ny filazantsara an'ireo zanantsika isika sy ny fomba hiainana ny fampianarany.

Ny fanarahana ilay lamina mba hitondrana ny zanantsika hankany amin'ny Mpamonjy dia mifono dingana arahana. Handeha isika hijery ilay lamina. Voalohany dia mila mianatra ny fomba itiavana ny Tompo sy fianakaviantsika isika. Mety mitaky fotoana sy traikefa izany. Mitaky fotoana, fakana traikefa ary finoana izany. Mitaky fanompoana tsy misy fitiavan-tena. Rehefa feno ny fitiavan'ny Tompo isika avy eo dia afaka ny hitia. Mety mitomany noho ny ataontsika Izy saingy tia antsika ary eo hatrany Izy mba hanampy antsika. Izany no tsy maintsy ilantsika ny fianarana mitia ny zanantsika.

Faharoa, mila lasa ohatra mendrika isika. Misy dingana arahana koa izany. Raha tiantsika hanatona an'i Kristy ny zanantsika mba hahafahan'izy ireo mahita ny tavany, dia zava-dehibe ny fikatsahantsika ny hahita izany koa. Mila mahafantatra ny lalana isika mba hanehoantsika izany azy ireo. Mila mandamina ny fiainantsika manokana isika mba hahafahan'ireo zanantsika mijery antsika ary manaraka antsika. Mety manontany isika hoe, "Inona no hitan'ny zanako raha mijery ny endriko izy ireo? Moa mahita ny sarin'ny Mpamonjy eo amin'ny tavako ve izy ireo noho ny fomba fiainako?"

Ankehitriny dia tsarovy fa tsy misy ho ohatra tonga lafatra ho an'ireo zanantsika isika, saingy afaka ho tonga ray aman-dreny sy mpitarika mendrika avokoa isika. Ny fiezahantsika ho mendrika dia efa ohatra mipetraka. Mety mahatsiaro ho tsy mahomby isika indraindray, kanefa dia afaka manohy miezaka hatrany isika. Afaka mahazo tanjaka isika miaraka amin'ny Tompo sy amin'ny alalany mba ho tonga amin'ilay ilaintsika hahatongavana. Afaka manao izay ilaintsika atao isika.

Ary fahatelo, manana ilay dingana mba hitondra ny zanantsika hankany amin'ny Mpamonjy isika amin'ny fampianarana azy ireo ny fahamarinan'ny filazantsara avy amin'ny soratra masina sy ny mpaminany ary amin'ny fanampiana azy ireo hahatsapa sy hamantatra ny Fanahy. Na ny faran'ny kely indrindra amin'ny zaza aza dia afaka mahatakatra sy manaiky ny zavatra izay manana toetra mandrakizay. Tian'izy ireo ny soratra masina ary tian'izy ireo ny mpaminany. Mitsiry ho azy ao amin'izy ireo ny faniriana ho tsara. Miankina amintsika ny fanampiana azy ireo hitazona izany fifandraisana amin'ny lanitra izany mba hisokatra. Miankina amintsika ny fiarovana azy ireo amin'ny zavatra misarika izay mampanalavitra ny Fanahy. Afaka mahita fanampiana sy fitarihana isika ao amin'ny soratra masina. Dia afaka mampianatra ny zanantsika isika mba hahita valiny ho azy ireo manokana ao amin'ny soratra masina. Afaka mampianatra fitsipika marina ireo zanantsika isika ary manampy azy ireo hampihatra ireo fitsipika ireo eo amin'ny fiainan'izy ireo. Afaka mitarika azy ireo hitodika any amin'ny fanahy isika mba hahazoan'izy ireo ny fijoroany ho vavolombelona manokana momba ny fahamarinana izay ianarany. Afaka manampy azy ireo hahita fifaliana isika amin'ny fiainana ny filazantsara. Izany dia hanamafy orina ny finoana sy ny fankatoavana eo amin'ny fiainany izay hampatanjaka azy ireo.

Ankehitriny, tsy moramora foana izany rehetra izany. Ny tantaran'ny nefita dia milaza fa ireo fianakaviana ireo dia niaina tamim-piadanana tao anatin'ny 200 taona. Saingy azo antoka fa nitaky ezaka be dia be izany. Nitaky asa mafy, faharetana, ary finoana izany saingy tsy misy zavatra izay manan-danja sy mitondra valisoa bebe kokoa mihoatra izany. Tsy misy zavatra mitondra fifaliana mihoatra noho izany. Ary ny Tompo dia ho eo hanampy antsika satria tia ireo ankizy ireo Izy, eny mihoatra noho isika aza. Tiany izy ireo ary hotahiany.

Hotsaroanareo fa nitsodrano ny ankizy Nefita Izy izay nataony tsirairay sy tamin'ny fivavahana ho azy ireo (jereo 3 Nefia 17:14 –17, 21). Avy eo dia "niteny tamin'ny valalabemandry

Izy, ary hoy izy taminy: Jereo ny madinikareo."

"Ary raha nijery izy ireo mba hitazana, dia nanandratra ny masony hankany an-danitra izy ireo, ary nahita ny lanitra nisokatra sy nahita anjely nidina avy tany an-danitra miova tsy ny teo afovoan'ny afo; ary nidina ireny sy nanodidina ireo ankizy madinika ireo; ary nohodidin'ny afo ireo; ary ny anjely dia nanompo azy ireo" (3 Nefia l7:23–24).

Ahoana no ahafahan'ny zanantsika miaina fitahiana toy izany ankehitriny? Ny Loholona M. Russell Ballard dia nilaza hoe "Mazava fa ireo amintsika izay nampandraiketina ankizy sarobidy dia nomena adidy masina sy lehibe, satria isika no notendren'Andriamanitra hanodidina ireo ankizy ireo ankehitriny amin'ny fitiavana sy ny afon'ny finoana ary ny fahatakarana hoe iza izy ireo" ("Behold Your Little Ones," *Tambuli*, Oct. 1994, 40).

Ry rahalahy sy rahavavy, isika no anjely izay nalefan'ny Ray any an-danitra ankehitriny mba hitahy ny ankizy ary afaka manampy azy ireo isika mba hahita indray andro any ny tavan'ny Mpamonjy rehefa mampianatra ny fitsipiky ny filazantsara isika sy mameno ny tokantranontsika amin'ny fifaliana avy amin'ny fiainana azy ireo. Vitantsika ny miaraka mahafantatra Azy. Afaka mahatsapa ny fitiavany sy ny fitahiany isika. Ary amin'ny alalany dia afaka miverina eo anatrehan'ny Ray isika. Manao izany isika rehefa vonona ny hankato sy hahatoky ary hazoto amin'ny fanarahana ny fampianarany.

"Toy izao marina tokoa no lazain'ny Tompo: izao no hitranga fa ny olona tsirairay, izay mahafoy ny fahotany ka manatona Ahy ary miantso ny anarako sy Mankato ny feoko ary mitandrina ny didiko, dia hahita ny tavako ary hahafantatra fa Izy aho" (F&F 93:1).

Ry rahalahy sy rahavavy, fantatro fa velona Andriamanitra, ary i Jesoa Kristy dia Zanany, ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Nanasa antsika hankany Aminy Izy ary nandidy antsika hitondra ny zanantsika mba hahafahantsika miaraka mahita ny tavany ary miaina mandrakizay miaraka Aminy. Ny vavaka ataoko dia ny ahafahantsika miasa daholo mba handraisana izany fitahiana lehibe izany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■




**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Manaraka an'i Jesoa Kristy Isika

*Mifaly tamin'ny zavatra rehetra nataon'ny Mpamonjy isika. Nataony izay ahafahantsika tsirairay avy hahazo ny famonjena sy ny fisandratana ho an'ny tenantsika.*

Andraikitra goavana tokoa ny hanao lahateny amin'ity Alahadin'ny Paska ity ho an'ny Olomasina manerana an'izao tontolo izao izay tia ny Tompo sy ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy. Mankalaza ny Fandreseny ny fahafatesana isika izao maraina izao. Mankasitraka ny fahatakarana sy ny fahatsapana ao am-po ilay sorompanavotana nataon'ny Mpamonjy an-tsitrapo ho antsika isika. Ny fanekeny ny sitrapon'ny Rainy no nahazoany ny fandresena masina tamin'ny fahafatesana ary zava-nitranga tena lehibe teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona izany. Feno fankasitrahana aho noho ity fahafahako miresaka mikasika ny fanarahana ny Mpamonjy ity.

Ny andro roa farany tao anatin'ny asa fanompoan'ny Mpamonjy tety



an-tany talohan'ny nanomboana Azy dia manan-danja lehibe, ary toa tsy takatry ny saina aza. Ny zava-dehibe rehetra ho an'ny anjarantsika mandrakizay dia nitranga tamin'ny Alakamisy ary avy eo ny Zoma, ilay andro izay nanomboana ny Tompo. Ilay Fanasana Farany, fanasana amin'ny Andro Firavoravoana, izay ". . . fankalazana ny fanafahana an'i Isiraely tamin'ny fanandevozana" dia niantomboka ny Alakamisy hariva.[1] Nampahafantarina nandritra ny Fanasana Farany ireo ôrdônansy sy fotopampianarana manana ny lanjany lehibe. Hilaza ny telo amin'izy ireo fotsiny aho. Voalohany, nampiorina ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo ny Mpamonjy. Nandray ny mofo izy, novakiany izany, ka nisaotra izy, ary natolony ny Mpianany izany sady nilaza izy hoe: "Ity no tenako izay omena ho anareo; izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy."[2] Toy izany no fomba nampiorenany ny Fanasan'ny Tompo. Faharoa, ny zavatra tena namafisiny indrindra dia ireo fotopampianarana mampianatra momba ny fitiavana izay fitsipika faran'ny ambony indrindra. Nampianatra Izy fa, "Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia."[3] Fahatelo, tamin'ny alalan'ny fanalalanana na